**Sabatan'ny Fanahin'ny Faminaniana 2018**
**Tantara ho an'ny Ankizy**

## Fandaharam-potoana hafahafa

Nisy zavatra tsy dia nahazatra niseho tamin'ny volana Novambra 1890. Nahita fahitana i Ellen White. Tsy tena hoe tsy nahazatra loatra anefa izany fahitana izany, satria efa nandray hafatra manokana maro avy tamin'Andriamanitra i Ellen White nanomboka tamin'ny taona 1844. Hafa anefa ity iray ity.

Ny ampitso maraina, raha nanomboka nilaza ny hafatra mahakasika ny zavatra hitany tao anatin'ny fahitana izy, dia niato kely, ary farany dia lasa niresaka zavatra hafa.

Efa-bolana taty aoriana, tamin'ny volana Martsa 1891, dia nisy fivoriamben'ny Foibe Maneran-tany natao ary nangatahina i Ellen White mba hiteny ny Sabata tolakandro. In-droa  na in-telo izy no nanomboka nilaza ny fahitana hitany tamin'ny volana Novambra, fa isaky ny manao izany izy dia miahotra kely, ary farany dia miresaka lohahevitra hafa.

Tamin'io alina io indrindra anefa, taorian'ny fivoriana, dia nisy vondron-dehilahy nihidy an-trano tao anatin'iray amin'ireo biraon'ny tranon'ny "Review and Herald", mba hiresaka ny fomba ahalafosana betsaka amin'ny gazetim-piangonana iray ka hanatratra olona betsaka. Nitohy hatramin'ny iray ora maraina ilay fivoriana. Rehefa avy eo dia nosakafan'izy ireo ny varavarana ary nandeha natory ireo lehilahy.

Nandritra izany fotoana izany dia nandefa ny anjeliny Andriamanitra, hilaza amin'i Ellen White mba handeha hamonjy fivoriana vao maraina ka hilaza ny fahitana izay hitany tamin'ny volana Novambra. Nitsangana izy sady niakanjo, nankeny amin'ny biraony ary nanomboka nanoratra ny zavatra hitany.

Nanatrika ilay fivoriana vao maraina i Ellen White ny ampitso maraina, ary tamin'ity indray mitoraka ity dia niteny nandritra ny adiny iray izy, namaritra ny zavatra izay naseho azy tao anatin'ny fahitana, volana maromaro lasa izay. Toa tahaka ny nahita sy nihaino fivoriana iray izy tao anatin'ny fahitany. Fivoriana izay niezahan'ny mpitarika fiangonana sasany, hitady hevitra mba hampalaza kokoa ny gazetim-piangonana iray amin'ny alalan'ny tsy filazana na inona na inona mahakasika ny Sabatan'ny Baiboly. Izany dia natao mba ho betsaka kokoa ny olona hividy ilay gazety. Namariparitra ny zavatra nolazain'ny olona samihafa sy ny fomba nanofahofan'ny lehilahy iray ilay gazety teo ambonin'ny lohany raha teo ampitenenana i Ellen White. Rehefa izay dia nipetraka izy.

Nisy fahanginana tsy hay hazavaina nandritra ny fotoana fohy. Betsaka tamin'ireo izay nihaino no tsy nahalala na inona na inona tamin'ny zavatra noresahany. Tsy nila niandry ela anefa izy ireo mba hahazoany fanazavana. Nisy lehilahy iray izay nijoro tao aorian'ny efitrano nitsangana ary nanomboka niteny nanao hoe: "Tao anatin'izany fivoriana izany aho omaly alina."

"Omaly alina!" hoy i Ellen White nanontany. "Noheveriko fa volana maromaro lasa no natao io fivoriana io, tamin'ny fotoana izay nanehoana izany ahy tao anatin'ny fahitana."

"Tao anatin'izany fivoriana izany aho omaly alina," hoy ilay lehilahy, "ary izaho ilay lehilahy nanao fanamarihana mahakasika ny lahatsoratra tao anatin'ilay gazety izay nahofahofako teo ambonin'ny lohako." Nanohy niteny hatrany ilay lehilahy ary niala tsiny ny amin'ireo zavatra nambarany nandritra ny fivoriana.

Nisy olon-kafa ihany koa nandray fitenenana tamin'io andro io. Ireo olona tsirairay izay nanatrika ny fivoriana ny alina talohan'io dia samy nanambara fa nofaritan'i Ellen White araka izay zava-niseho tokoa ilay fivoriana sy ny fihetsiky ny olona tao anatin'ny efitrano. Tamin'io andro io ihany dia nanova ny fanapaha-kevitra noraisiny mahakasika ilay gazety ireo rehetra izay nanatrika ilay fivoriana miafina. Tampisain-tsainana no nandehananan'ny

tsirairay avy tamin'izy ireo nody, nisaintsaina ny amin'Ilay Andriamanitra Izay mahalala ny lasa sy ny ho avy.